

VALIMBAVAKA

Tany Rosia tamin'ny 1970. Nankalaza ny faha-5 taonany Lioube. Ny rainy anefa dia any am-ponja noho ny finoany. Nandritra ny andro maro dia nikaroka hevitra ny reniny amin'ny fomba ahazoana mankalaza io fety io tsy amin'ny alahelo na dia tsy eo aza ny rainy.

Tsy nisy afa-tsy ovy sy tavinkena anefa no azony natolotra an'ireo zanany. Soa ihany fa naharay taratasy avy any amin'ny rainy izy ireo.

Talohan'ny sakafo dia nivavaka izy ireo « Jesosy Tompo ô – hoy Lioube kely raha nivavaka. Tahio Dadanay mba ho tafaverina salama tsara, ato an-trano. Tahio koa i Neny. Fony Dada mbola tato an-trano, dia nitondra sokolà hatrany izy rehefa Anniversaire toy izao izahay. Ianao no antenaiko handefa izany. Amen »

Nananihany an'ity anabavikeliny ireo zokiny, saingy nasain'ny reniny nangina. Tsitapitapitr'izay anefa dia injao fa nisy nandona. Iza àry no mety hamangy amin'izao andro alina izao ? Naman'ny mpianakavy ihany izy io. Somary sadaikatra izy raha nitantara ny naha-voasarika azy hividy sokolà iray sy hanatitra izany ho azy ireo.

Nihoraka i Lioube, ka nanao hoe : Namaly ny vavaka Andriamanitra.

LESONA

- Ny vavaka atao amin'ny finoana dia henon'Andriamanitra tokoa, ary izy no mpamaly vavaka. Ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra atao.

Heb 11 : 6 « Fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady mpamaly soa izay mazoto mitady Azy ».